“Tsy misy Mpaminany izay nirahin’I Allah ho amin’ny vahoaka iray teo alohako, afa-tsy hoe manana mpanara-dia amin'ny vahoakany izy, izay namana mandray tsara ny fomba amam-panaony sy manatanteraka izany,

Tatitra azo avy tamin'i Abdollahi bin Masondi (R.A), niteny ny Irak'Allah (S.A.W) manao hoe : “Tsy misy Mpaminany izay nirahin’I Allah ho amin’ny vahoaka iray teo alohako, afa-tsy hoe manana mpanara-dia amin'ny vahoakany izy, izay namana mandray tsara ny fomba amam-panaony sy manatanteraka izany, Avy eo dia hisy mpandimby manaraka azy ireo miteny izay tsy ataony ary manao izay tsy andidiana azy, koa izay miady amin’izy ireo amin’ny heriny dia voasokajy ho mpino, ary izay miady azy ireo amin'ny lelany dia mpino, ary izay miady amin’izy ireo amin’ny fony dia mpino, ary ankoatra izany dia tsy misy finoana intsony na dia toy ny voantsinapy iray aza”.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa tsy misy mpaminany nirahin'Allah eo amin'ny vahoaka talohany afa-tsy hoe misy amin'ireo vahoakany ny olona madio, mpanohana ary mpanao jiady an-kitso-po, mendrika ho mpandimby azy aoriany. Manaraka ny fomba amam-panaony izy ireo ary manaraka ny didiny, ary aorian’ireo olo-mendrika teo aloha dia hisy olona tsy manjary ho avy aoriany; miteny izay zavatra tsy ataony izy ireo, ary manao izay tsy andidiana azy. Ka izay miady amin’izy ireo amin’ny heriny dia mpino, izay miady amin’izy ireo amin’ny lelany dia mpino, ary izay miady amin’izy ireo amin’ny fony dia mpino, ary tsy misy finoana azo sokajina ho azy ankoatra izany na dia toy ny voantsinapy iray aza.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3480